# Ilay Voa Tsara Nafafy 01 Septambra 2018

# 1 Asabotsy septambra

**Ataovy ho fifaliana avokoa, raha iharan'ny fakam-panahy samy hafa ianareo... Sambatra izay olona maharitra fakam-panahy ; fa rehefa voazaha toetra izy, dia handray ny satroboninahitra fiainana.** Jakoba 1. 2, 12

**Miareta tory sy mivavaha ianareo, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy.** Matio 26. 41

## Fizahan-toetra sy fakam-panahy

Samy hafa tanteraka ny atao hoe „maharitra fakam-panahy" sy ny hoe „miditra amin'ny fakam-panahy".

— Ny *maharitra fakam-panahy*, na miaritra fizahan-toetra, dia mitarika handroso amin'ny finoana. Raha tena dinihina, dia haja omen'Andriamanitra antsika izany. Nandao ny zava-drehetra i Abrahama, mba hamaly ny antson'Andriamanitra, ary nino an' Andriamanitra izy, na dia tokony ho nampisalasala azy aza ny zava-drehetra. Dia nozahan'Andriamanitra toetra izy, nasainy nanolotra an'i Isaka, zanany lahitokana, ho fanatitra (Genesisy 22. 1-2). Isaka no ilay zanakalahy nampanantenain'Andriamanitra. Fantatr'i Abrahama izany, ka niantehitra tamin'izany antoka izany izy : „Nihevitra izy fa Andriamanitra dia mahay manangana ny maty aza" (Hebreo 11. 19). Araka izany, ny hoe miaritra fizahan-toetra (na *maharitra fakam-panahy*) dia midika ho fandresena amin'ny alalan'ny finoana, rehefa ao anatina toejavatra sarotra.

— Mifamadika amin'izany kosa, ny hoe *miditra amin'ny fakam-panahy* dia ny manaiky ho resin'ny ratsy, manaiky hampirisihin'i Satana, izany hoe mamela ny fironan-dratsintsika hiasa ka hitarika antsika hanao izay mifanohitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Koa amin'izany dia azo antoka tanteraka ny faharesena. Izany no nanjo ny apostoly Petera, rehefa nandeha nipetraka teo anivon'ireo fahavalon'ny Tompo izy : nandao ny toerana maha vavolombelona azy izy, ary avy teo dia nandà ny Tompony (Lioka 22. 55-62).

Antsoin'ny Tompo isika ho malina sy hivavaka. Raha mitoetra mandrakariva eo anatrehan'Andriamanitra isika, ary manohitra ireo hevitra ratsy mipoitra, dia tsy hiditra amin'ny fakam-panahy, tsy hanaiky ho resin'ny ratsy. Misedra fizahan-toetra na fakam-panahy isan-karazany isika, isanandro. Hataon'Adriamanitra tafavoaka ho mpandresy isika, noho ny fahasoavany, raha miantehitra amin'ny fampanantenan'ny Teniny sy amin'ny heriny.